# Ilay Voa Tsara Nafafy 01 Mey 2020

# I KORINTIANA 6

*Ny amin'ny fijangajangana tsy azo atao ho isan'ny zavatra tsy mampaninona, tahaka ny hanina samy hafa*

---

12. Ny zavatra rehetra azoko atao, nefa tsy dia ary mahasoa
avokoa ny zavatra rehetra; ny zavatra rehetra azoko atao, nefa izaho
tsy mety handevozin-javatra na inona na inona. 13. Ny hanina dia ho
an'ny kibo, ary ny kibo ho an'ny hanina; nefa samy
holevonin'Andriamanitra izy roroa. Fa ny tena kosa dia tsy ho an'ny
fijangajangana, fa ho an'ny Tompo; ary ny Tompo ho an'ny tena. 14.
Ary Andriamanitra efa nanangana ny Tompo sady hanangana
antsika koa amin'ny heriny. 15. Tsy fantatrareo va fa momba ny
tena'i Kristy ny tenanareo?
Moa hanala ny momba ny tenan'i Kristy va aho ka hanolotra izany
ho momba ny tenan'ny vehivavy janga?
Sanatria izany! 16. Moa tsy fantatrareo va fa izay miray amin'ny
vehivavy janga dia tena iray aminy? fa hoy Andriamanitra:
Ho nofo iray ihany izy roroa (Genesisy 2 : 24). 17. Fa izay miray
amin'ny Tompo kosa dia fanahy iray aminy. 18. Mandosira ny
fijangajangana. Izay fahotana rehetra ataon'ny olona dia eny
ivelan'ny tena ihany; fa ny mpijangajanga kosa dia manota mihatra
amin'ny tenany. 19. Ahoana ary?
Moa tsy fantatrareo fa ny tenanareo dia tempolin'ny
Fanahy Masina,
Izay ao anatinareo sady efa azonareo tamin'Andriamanitra? ka tsy
tompon'ny tenanareo ianareo. 20. Fa olom-boavidy ianareo, koa dia
mankalazà an'Andriamanitra amin'ny tenanareo. —